# Ny irak'I Allah dia manangana ny tànany eo an-tsorony rehefa manokatra ny fivavahana,

Tatitra azo avy amin'i Ibn Omar (R.A) niteny : Ny irak'I Allah dia manangana ny tànany eo an-tsorony rehefa manokatra ny fivavahana, sy rehefa manao takbir amin'ny fiondrehana, ary rehefa nanandratra ny lohany tamin'ny fiondrehany dia nanandratra azy roa koa; avy eo dia miteny hoe : “Samiallaho Liman Hamida, Rabbana Walakal-hamdo", ary tsy nanao izany izy rehefa niankohoka.
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Ny Mpaminany (S.A.W) dia manangana ny tànany amin'ny fotoana telo mandritra ny vavaka , manatrika na mahitsy eo amin'ny soroka, izany hoe : ny taolana sy ny tratra. Ny fotoana voalohany : rehefa manomboka ny vavaka amin'ny takbir fanokafana. Faharoa : Raha miteny “Allaho Akbar” izy rehefa miondrika. Fahatelo : rehefa manandratra ny lohany avy miondrika ka miteny manao hoe : “Samiallaho Liman Hamida, Rabbana Walakal-hamdo". Fa tsy nanangana ny tànany izy rehefa hiankohoka, na rehefa nitsangana avy niakohoka.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3095

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee